# Ilay Voa Tsara Nafafy 19 Oktobra 2018

# 19 **Zoma** oktobra

**Fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ka hitsangana any am-parany eo ambonin'ny vovoka Izy. Ary rehefa levona ny hoditro *(ny vatako)*, izao simba izao, sady afaka amin'ny nofoko aho, dia hahita an'Andriamanitra.**
Joba 19. 25, 26

**… mba hanafahany *(hanafahan'i Jesosy Kristy)* izay rehetra nandany ny fiainany rehetra tamin'ny fahandevozana noho ny tahotra ny fahafatesana.** Hebreo 2. 15

## Aorianan'ny fahafatesana

Hoy i Jean d'Ormesson, akademisiana : „Manantena aho fa aorianan'ny fahafatesana dia hisy zavatra izay tsy fantatro mihitsy. Manantena aho fa misy hery tsy voafehin'ny fotoana, hery azontsika antsoina hoe Andriamanitra, mba hahatsotsotra ny resaka".

Hafa tanteraka ny nolazain'i Joba, 4000 taona lasa izay, hoe : „Fantatro fa velona ny mpanavotra ahy". *Tsy nanantena* i Joba, fa *nahafantatra* hoe velona any an-danitra Ilay Mpanafaka azy. Tsy fantany ny anarany, kanefa dia tsinjony fa ho Mpandresy lehibe Jesosy, Ilay Mpamonjy ny olona rehetra izay mino Azy. Azon'aretin-koditra nampijaly azy mafy i Joba, kanefa mbola afaka niteny hoe : „… rehefa levona ny hoditro, izao simba izao". Ny hahafatesan'ny vatany no nolazainy tamin'izany, nefa dia nampiany koa hoe : „Izaho no hahita Azy, ary ny masoko no hijery, fa tsy olon-kafa". Ho an'i Joba dia zava-misy marina ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty, fitsanganana ara-batana, fitsanganana hitondra azy ho eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra, indray andro any.

Tsy misy olona mahatakatra izay hitranga aorianan'ny fahafatesana, na dia filôzôfa aza. Mety hanaiky ny fisian'Andriamanitra ny fisainany, saingy vinavina ihany ny azy, momba ny any ankoatra. Ahoana no hahitana ny any ambadik'io fetra antsoina hoe fahafatesana io ? Manaiky izay ambaran'Andriamanitra momba izany. Izao ihany no safidy : na izaho mitoky amin'ny hevitro manokana, dia hitoetra ao anaty fisalasalana sy ahiahy hatrany, mandra-pahatonga ny fotoana handaozako izao tontolo ankehitriny izao ; na izaho mandray izay nambaran'Andriamanitra, dia manana antoka, satria mino.

Eny, efa naharesy ny fahafatesana Jesosy ! Velona Izy, velona mandrakizay, ary manome fiainana mandrakizay ho an'ireo izay mitoky Aminy.